**FILAZANA MANJO**

Amin'ny finoana sy fanantenana
ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty
no ampandrenesanay anareo fa
ny hava-malalanay



**ANDRIANABELA**
**Rakotobe**
**(Dadah)**

***Loholona***

dia nantsoin'ny Ray hody any Aminy teo amin'ny faha 65 taonany, ny Alahady faha 3 Novambra 2019.

Hoy :

**Ny vadiny** : RANDRIANARISONA Sonia Aimée
**Ny zanany** : RAKOTOBE ANDRIANABELA Agy sy Vanessa
RAMANANDRAITSIORY Tovo sy Ialy
**Ny zafiny** : Mia, Yelis, Zacharie, Mio, Hugo
**Ny iray tampo aminy** :
Terak'Itompokovavy RASOAMANANA Honorine
Rtoa RASOLOARISOA Anatolie Perpétue sy ny zanaka aman-jafiny
Rtoa RANOROSOA Louise Odette sy ny zanaka aman-jafiny
Terak' Itpkl ANDRIANABELINA Rakotobe Doudou
Terak' Itpkv RAZAFINDRAKETAKA Sahondra
Atoa ANDRIANABELINA Rakotobe Bel sy Bakoly sy ny zanaka aman-jafiny
Atoa ANDRIANABELINA Rakotobe Bbl sy Lucie sy ny zanaka aman-jafiny
Rtoa ANDRIANABELINA Rakotobe Yolande sy ny zanaka aman-jafiny
Atoa ANDRIANABELINA Rakotobe Denis sy Niry sy ny zanany
Atoa RATSIMBAZAFY Christian sy Voahirana sy ny zanany
**Ny iray tampo amin'ny Vadiny** :
Rtoa RANDRIANARISONA Eliane sy ny zanaka aman-jafiny
Rtoa RANDRIANARISONA Olga Béatrice sy ny zanaka aman-jafiny
Rtoa RANDRIANARISONA Lydia sy ny zanaka aman-jafiny
Rtoa RANDRIANARISONA Jacquie Elen sy ny zanaka aman-jafiny
Atoa RANAIVOSOA Henri sy Ghislaine Maud sy ny zanaka aman-jafiny

**Ny Tarika MAHALEO sy ireo Mpanankanto Namany**
**Ny tapaka sy namana sy ny fianakaviana manontolo**
**Ny mpitandrina mivady FJKM Katedraly Analakely ANTANANARIVO**
**Ny fikambanan'ny Loholona sy ny Diakona, ny Antokompihira ANALAKELY**
**Ny fokotany Ambohitsiroa – Antsahabe, ANTANANARIVO**
**Ny fokotany Antanivao – ANTSIRABE**
**Ny fokotany Mandrosoa BETAFO**


Ny nofony dia hoentina hiala ao an-tranony **lot 712 P 25 Andohatany Antanivao ANTSIRABE**, ny **Alarobia 6** Novambra 2019 @ **9 ora maraina** sy **handrasana** ao amin'ny **PALAIS DES SPORTS**.
Ho entina hanomezana voninahitra an'Andriamanitra ao amin'ny **FJKM KATEDRALY ANALAKELY** ny **Alakamisy 7** Novambra 2019 @ **9 ora maraina**, alohan'ny ametrahana azy ao amin'ny fasan-drazany ao **MANDRISOA BETAFO**.

*« Ary isika efa mahalala sy mino ny fitiavan' Andriamanitra antsika. Andriamanitra dia Fitiavana ; ary izay mitoetra amin'ny Fitiavana no mitoetra ao amin'Andriamanitra, ary Andriamanitra ao aminy. » I Jaona 4 :16*

**FILAZANA MANJO**

## Ny Tarika Mahaleo

dia mampandre antsika mpakafy, tapaka sy namana ny fodiamandrin' ny rahalahiny :




**Dr RAKOTOBE Andrianabela**
**(Dadah)**

Ny alahady 03 novambra 2019.

Hiainga aty Antsirabe ny nofo mangatsiakany ny alarobia 6 novambra 2019 ary hivantana ao amin'ny Lapan'ny Kolontsaina Mahamasina. Hiaretan-tory ao ny alina.

***"Tsy misy ny Doria"***





000014

NOM : ANDRIANABELA RAKOTOBE

PRENOMS :

DIT : DADA

Né le : 21 JUIN 1954

à : ANTSIRABE

FONDATEUR DU GROUPE

PROFESSION: DOCTEUR EN MEDECINE
CHEF DE SCE HOPITAL CHIRURGIE

JOUE : DE LA GUITARE

ROLE : AUTEUR - COMPOSITEUR - INTERPRETE

QUALITE : RIGOLARD SUR SCENE

DETESTE : VOYAGER EN VOITURE - LES BRUITS

ADORE : LES POETES MALGACHES - LA BIERE - LE GINGEMBRE

MUSICIENS : BADEN POWELL - AZNAVOUR - PANJA ANDRIAMANANTENA

Tarika Mahaleho. 15 andro katroka taorian'ny nahalasan'i Fafah (ny Alahady 20 oktobra 2019) dia nandao ity tany fandalovan ity i Dadah Andrianabela Rakotobe na i Dadah R'Abel (ny Alahady 03 novambra 2019, tamin'ny 5 ora sy 20 minitra hariva tao amin'ny hopitaly atsimo ao Antsirabe) zandrin'i Nonoh (nodimandry ny 28 Aogositra 2014). Hatreto izany dia i Bekoto, Charle sy Dama sisa no tavela. Ontsa ny fo fa atao ahoana moa? Tsy azo everina na iray segondra ny sitrapon'Andriamanitra fa dia voarakitra ao anatin'ilay hiran'ny tarika « ***Voankazo voarara*** » ny hafatra :

(...)
Mifankatiava raha mbola velona

Izany indrindra no maha-olombelona

Mifanapia
Mifanasoava (...)




Ho an’ireo izay tsy mino dia tsotra, tompoko :

Lahatra izany. Ny fahafatesana tsy mampilaza sy manome fotoana fa tonga toa mpangalatra. Mifankatiava foana dieny mbola velona fa tsy misy mahalala izay hiseho rahampitso e!

Raha ny fandaharam-potoana, izay nampitain'ny namana mpanao gazety Jean-Paul Randrianiaina, miasa ao Antsirabe, nialohan'ny nahatongavan'ny ferapara taty amiko, dia toa izao manaraka izao :

Ao an-tranony any Antsirabe ny razana amin'izao fotoana izao.

Ho entina miakatra eto Antananarivo ny Alarobia 06 Novambra 2019 maraina dia ho entina hiaretan-tory ao amin'ny Palais des sports ao Mahamasina.

Hiala ao ny Alakamisy 07 Novambra 2019 hanomezam-boninahitra an'Andriamanitra ao amin'ny Cathédrale Analakely, mialohan'ny hitondrana azy any Betafo, izay toerana misy ny

fasan-drazany handevenana azy  io andro io ihany.



Amin'ny anaran'ny ekipan'ny madagate aho no maneho ny fiaraha-miory amin'ny havan'i Dadah tsy vakivolo sy amin'ireo mpikambana ao amin'ny tarika Mahaleho sisa tavela ary koa amintsika mpankafy an-tapitrisany maneran-tany.

**Jeannot Ramambazafy**